# FAMPITSAHARANA VOHOKA AMIN'NY ALALAN'NY FANAFODY

## AMIN'NY MIFEPRISTONE SY MISOPROSTOL

FOMBA MITAMBATRA



## NY FAHOMBIAZAN'IREO FANAFODY IREO

Mahomby sy azo antoka amin'ny tranga 95–98 % ny fomba mitambatra Mifepristone/ Misoprostol ho an'ny vohoka anatin'ny 12 herinandro voalohany

## INONA NO TOKONY ATAO RAHA TSY NAHOMBY NY FAMPITSAHARANA VOHOKA ?

Azo averina ny fihinanana ireo fanafody mifepristone sy misoprostol, na afaka atao "aspiration".

Ambany ny taha mety hisian'ny fahasamponana hoan' ilay zaza raha mitohy ny vohoka

## NAHOMBY VE NY FAMPITSAHARAKO VOHOKA?

**Na dia mahatsapa aza ny vehivavy fa tsy mitondra vohoka intsony izy, dia zava-dehibe ny manamarina fa nahomby ny fampitsaharana vohoka. Tokony hanao échographie (fakan-tsary anatiny) aorian'ny fampitsaharana vohoka amin'ny fanafody, na hanao fitsapana fitondrana vohoka 3 hatramin'ny 4 herinandro aorian'ny fampitsaharana vohoka.**

Raha tsy mivoa-drà ny vehivavy, na mivoa-drà kely (latsaky ny fivoahan-drà rehefa tonga fadimbolana ary tsy misy sombintsombiny) na mbola manana soritry ny fitondrana vohoka na efa nampiasa fanafody aza izy, **dia azo inoana fa mbola bevohoka** izy. Tokony hanao **échographie haingana araka izay azo atao** izy mba hijerena raha mbola mitohy ny fitondrana vohoka na tsia. Raha tsy afaka manao ireo, dia afaka **mampiasa ny fanafody indray** izy.

## AORIAN'NY FAMPITSAHARANA VOHOKA

Mety mbola misy rà kelikely mivoaka ny vehivahy mandritra ny 1–3 herinandro. Miovaova izy io isaky ny vehivavy.

Aza mampiditra na inona na inona amin'ny fivaviana (tampon), na mandro, na manao firaisana ara-nofo mandra-pijanona ny rà be (eo ho eo amin'ny 2 andro ao aorian'ny fampitsaharana vohoka)

Mety bevohoka avy hatrany indray ny vehivavy iray aorinan'ny fampitsaharana vohoka. Mba tsy hisian'ny vohoka tsy irina dia **mampiasa fanabeazanaizana tsara.**

## FAMPAHAFANTARANA NY FIKAMBANANA


Women HelpWomen

WEB: HTTPS://WOMENHELP.ORG/ EMAIL: INFO@WOMENHELP.ORG

TWITTER: @WOMENHELPORG FACEBOOK: WOMENHELPWOMENINTERNATIONAL

MAMA Network: Mobilizing Activists around Medical Abortion (MAMA).

ADRESS: PLOT 471 BLOCK 208 P.O BOX 585 KAMPALA - UGANDA BOMBO RD KAWEMPE DIVISION, KETI FALAWO ZONE PLOT 208 BLOCK 471 NEXT LITTLE STARS EDUC CENTRE NEXT BULONDO APARTMENTS /

PHONE NUMBER: +(256) 782 413307


women help women

## AHOANA NY FIASANY?

Ny fampitsaharana vohoka amin'ny alalan'ny fanafody dia mitovitovy amin'ny fiterahana tsy nahy.

MIFEPRISTONE MISOPROSTOL

Ny Mifepristone dia manakana ny progestérone, hormona iray tena ilaina amin'ny fitohizan'ny fitondrana vohoka, ary manomana ny tranon-jaza handray tsara ny Misoprostol.

Ny Misoprostol kosa dia miteraka fikorontanan'ny tranon-jaza, ka mahatonga ny fivoahan'ny taova misy vohoka, ny rà sy ireo vaingan-drà.

## MANDRA-PAHOVIANA NO AZO AMPISAINA IZY IREO HAFAHANA MIROSO AMIN'NY FAMPITSAHARANA VOHOKA AZO ANTOKA?

0 »» 12 weeks

Ao anatin'ny herinandro faha-12 voalohany amin'ny vohoka (manomboka amin'ny andro voalohan'ny fadimbolana farany).

## AHOANA NY FOMBA FAMPISAINA IREO FANAFODY HANANANA FAMPITSAHARANA VOHOKA AZO ANTOKA

MIFEPRISTONE 200 mg — MISOPROSTOL 200 mcg

Mila Mifepristone 200 mcg miisa 1 sy Misoprostol 200 mcg miisa 4 ny vehivavy iray

MIFEPRISTONE 200 mg

Atelina miaraka amin'ny rano iray vera ny Mifepristone

Rehefa afaka 24 ora dia apetraka ao ambanin'ny lela ny Misoprostol 4

24 hours

ambanin'ny lela 2 avy amin'ny ilany tsirairay

Mila tazonina tsara ao ambany lela mandritra ny 30 minitra ireo fanafody ireo mandra-pahalevony. Rehefa afaka ny 30 minitra dia azo atelina ny ambiny.

30 min

## VOKANY METY HITRANGA



24h

Ao anatin'ny 24 ora avy nihinana ireo fanafody fampitsaharana vohoka dia mety hitranga ireto:

- Maloiloy
- mandoa
- aretin'andoha sy/na fanina
- fivalanana
- tazo (38°C)

Ireo dia tsy mampidi-doza ary matetika afaka ao anatin'ny ora vitsy.



## INONA NO METY HITRANGA AORIAN'NY FIHINANANA ILAY MISOPROSTOL ?

**Fanaintainana** sy rà mivoaka betsaka kokoa noho ny fadimbolana mahazatra

24 hours — Amin'ny 90 % ny tranga hita , dia mivoaka ao anatin'ny 6 ora voalohany ny zaza.

Raha efa naharitra ilay vohoka dia matetika mihabetsaka ny rà mivoka

Afaka mampiasa fanafody fanalana fanaintainana eo ampihinanana ny misoprostol. Ny ibuprofène no tena mahomby. Afaka ampina paracétamol/acétaminophène.

## INONA AVY IREO FAMANTARANA FA MISY NY OLANA ?

Rà be loatra (2-3 servieta feno rà ao anatin'ny ora 1 mandritra ny ora 2 na 3 ora misesy) 2h

Tazo mihoatra ny 39° na 38° maharitra mihoatra ny 24 ora 39° 24h

Fanaintainana mafy mbola mitohy andro maromaro ao aorinan'ny fampitsaharana vohoka ary tsy mihena na dia efa mihinana fanafody fanalana fanaintainana aza

Fivoahana tsiranoka tsy mahazatra sy maimbo avy ao amin'ny fivaviana

## INONA NO ATAO RAHA MISEHO IREO OLANA IREO?

**Mankanesa haingana any amin'ny toeram-pitsaboana**

**Raha mila fitsaboana ny vehivavy iray, dia tsy maintsy mandray an-tanana azy ireo mpiasan'ny fahasalamana. Ny fanafody fampiasa amin'ny fandraisana an-tanana ny fampitsaharana vohoka dia mitovy tanteraka amin'ny fitsaboana ny vehivavy afa-jaza. Tsy misy maha samihafa ny vehivavy afa-jaza sy ny fampitsaharana vohoka atao tamin'ny alalan'ny mifepristone sy misoprostol. Afaka milaza amin'ny mpitsabo fa afa-jaza ny vehivavy iray.**